**Teny hazavaina**

**Fahasoavana**
Ny fahasoavana dia tsy inona fa fanomezana zava-tsarobidy ho an' ny olona iray tsy mendrika ny hahazo izany akory. Manao izany tsy manantena tambiny ilay mpanome. Manome izy satria te hanome fotsiny tsotra izao.

Feno fahasoavana Andriamanitra. Nomeny ny Zanany lahitokana, dia i Jesosy Krisy, mba handray fiainana miaraka aminy ao an-danitra ireo rehetra mino Azy, aorian' ny fahafatesana. Tsy misy na inona na inona mendrika antsika afa-tsy ny sazy noho ny otantsika, kanefa manome antsika ny famelankeloka kosa Andriamanitra raha mino isika.

*Fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana, ary tsy avy aminareo izany fa fahasoavana avy amin' Andriamanitra*
Efesiana 2:8

Raha misy manitikitika anao tamin' ny lohahevitra novelabelarina tato, na amin' ny Baiboly amin'ny ankapobeny, dia manorata amin' izao adiresy izao:

*en Français,*
**diffusion de la Bible**
B.P. 70
B-7000 Mons
E-mail: bibledif@skynet.be

réf. ic/001/malagasy

**Zanak' Andriamanitra**
Zanak' ilay Andriamanitra velona i Jesosy. Zanaka mala-lan' ny Ray mandrakizay mandrakizay ao an-danitra Izy. Tonga tety an-tany hanatanteraka ny sitrapon' ny Ray Izy. Andriamanitra naka endrik' olombelona i Jesosy.

# Za moa i Jesosy?

**Olombelona tonga lafatra**
Satria olombelona Izy dia nahatsiaro nangetaheta, nahatsiaro noana, nahatsiaro reraka, kanefa tsy nanota na kely akory aza. Tsy nanao ratsy na oviana na oviana Izy, ary tsy niteny zava-dratsy velively. Tonga lafatra Izy satria Andriamanitra tonga olombelona.

*I Jesosy… izay tsy nanota akory, sady tsy nisy fitaka teo am-bavany*
1 Petera 2:22

Tonga tety ambonin' ny tany Izy mba hampiharihariana amin' ny olona mpanota fa fitiavana Andriamanitra ary marina.

Tsy misy olombelona na iza na iza nahavita hatrany izay nankasitrahan' Andriamanitra teo amin' ny antsimpirian' ny fiainany manontolo, afa-tsy i Jesosy. Tsara avokoa izay rehetra nataony.

*Andriamanitra nilaza hoe: Ity no zanako malalako izay sitrako*
Matio 3:17

**Mpanompo tonga lafatra**
Ny hanompo ny Andriamaniny no antony nahatongavan' i Jesosy tety an-tany, satria ny hanao ny sitrapon' ilay Rainy any an-danitra no sitrany. Nataony ho fanomezam-boninahitra an' Andriamanitra avokoa izay rehetra nataony. Izy ary Izy irery ihany no hany Mpanompon' Andriamanitra tonga lafatra, nanankim-po taminy tamin' ny fotoana rehetra.

Nifanerasera tamin' olona Izy, ary nanao fahagagana marobe, nampianatra ny vahoaka Izy mba hanehoana amin' izy ireo ny fitiavan'Andriamanitra, sy mba hahalalany hoe ahoana moa no fomba anatonana an' Andriamanitra.

*Hoy i Jesosy: Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana. Tsy misy mankany amin'ny Ray raha tsy amin' ny alalako.* Jaona 14:6

Ory sy nijaly tokoa Izy kanefa tsy nihemotra tamin' ny fanompoana an' Andriamanitra, tsy maintsy tontosainy mantsy izay asa nanirahan'ny Ray Azy. Niasa tamim-pitiavana hatrany ny Tompo Jesosy, ho an' Andriamanitra sy ho an'ny olona koa.

**Mpamonjy**
Ny ho famonjena ny mpanota very no nahafatesan' i Jesosy Kristy teo amin' ny hazofijaliana. Ny ainy no natolony ho fanavotana antsika amin' ny ota.

*Tonga i Jesosy mba hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro.* Marka 10:45

Maty Izy ary ny herin' Andriamanitra no nampitsangan-ko velona Azy tamin' ny andro fahatelo. Ankehitriny dia mandray maimaimpoana ny fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy. Fanomezana avy amin' Andriamanitra izany.

Asa tsara teo imason' Andriamanitra tokoa io tontosan' i Jesosy tamin' ny fanavotana ny mpanota mibebaka amin' ny lalan-dratsiny io. Noho ny nataon' i Jesosy Kristy no anamarinan' Andriamanitra azy ireny.

*Ny ran' i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin' ny ota rehetra* 1 Jaona 1:7

**Ilay Olombelona ao amin' ny voninahitry ny lanitra**
Velona i Jesosy Kristy. Niakatra any an-danitra Izy. Mipetraka eo an-kavanan' Andriamanitra Izy. Rehefa avy nanome voninahitra an' Andriamanitra tety an-tany i Jesosy, dia nomen' Andriamanitra voninahitra kosa ao an-danitra.

Mbola hiverina ety an-tany indray anefa Izy, ary tsy ho ela, haka ireo mpino sy hitondra azy ireo ho any an-danitra mba hiaraka aminy mandrakariva.

*Hoy i Jesosy: Indro, avy faingana Aho* Apokalypsy 22:7

*Izay manana ny didiko ka mitandrina izany dia izy no tia Ahy* Jaona 14:21


Vakio ny Salamo faha-23

**Tompo**
Tompo i Jesosy Kristy. Izy no Lohan' ny Fiangonana sy ny mpino isam-batan' olona. Andevon' ny ota isika fahiny saingy efa navotany tamim-pitiavana. Izay rehetra tia ny Tompo, noho izany, dia manoa izay voalazany ao amin' ny Baiboly.

**Mpiandry tsara**
I Jesosy no mpiandry tsara miahy ny andian' ondriny. Nanolotra ny ainy hamonjy ny ondriny Izy satria sarobidy loatra aminy ireo.

Mialoha ireo ondriny Izy ary mitarika azy ho amin' ny toerana mandry fehizay, izay ahafahany miala hetaheta sy ahitany ahitra milenodenoka. Tsy hanan-java-mahory ireo.

Fantany amin' ny anarany avy ireo ondriny, ary ireo ondry koa dia mianatra ny hahalala ny feon' ny mpiandry tsara mba hanaraka Azy amin' ny fotoana rehetra. Raha sendra very ny iray amin' ireo ondriny, dia miainga avy hatrany hitady azy Izy ary milanja azy miverina eny an-tsorony mahery.



*Apetraho aminy ny fanahianareo rehetra; fa Izy no miahy anareo* 1 Petera 5:7